# Marathon International de Tana
# Hotanterahina amin'ny volana Oktobra izao

Rehefa nijanona nandritra ny taona iray ny taranja Atletisma lavitrezaka na ilay « Marathon International de Tana » dia nanapa-kevitra ny federasiona malagasin'ity taranja ity fa hamerina indray an'izany fifaninanana anisan'ny nanana ny mahaizy azy izany.

Tapaka fa hotanterahina eto Antananarivo ny andiany faha-14 ny Alahady 26 oktobra izany Marathon de Tana izany izay mirefy 42 km.

Tsy handeha irery ny federasiona malagasy amin'ny fikarakarana an'io hetsika goavana io fa hanampy ny orinasa « Vision Madagascar » na ny VIMA izay efa niara-miasa tamin'ny federasiona malagasin'ny taranja Atletisma hatramin'izay.

Ny tena mampiavaka an'ity fifaninanana lavitrezaka eo amin'ny hazakazaka ity dia ny fanatrehan'ireo atleta avy any amin'ny firenena-kafa toa an'i Kenya sy Ouganda ary ireo nosy akaiky antsika. Amin'ity andiany faha-14 ity dia hisy ny mpifaninana avy any Eoropa asaina handray anjara amin'izany.

Ny tanjona voalohany amin'izany fifaninanana izany dia ny hanomana an'ireo atletantsika amin'ny fiatrehana ny lalaon'ny Nosy 2015. Ny faharoa dia ho famelomana indray ny hakanton'izany fifaninanana izany.

Momba an'io hazakazaka io dia hisy ny hazakazaka voalohany izay andraisan'ny daholo be anjara izay mirefy 5km, ny faharoa dia ny "Handi Run" izay natokana ho an'ireo manana takaitra izay mirefy 5km ihany koa. Ny farany tena goavana dia ny hazakazaka 42 km ka handraisan'ny olon-tokana manana kara-pilalaovana sy ny isan-tarika orinasa na ny fikambanana.

Afaka misoratra anarana dieny izao ireo izay olona na orinasa liana amin'ny fiatrehana an'izany, amin'ny fiantsoana ny laharana: 03312 846 23 na ny 032 07 846 23.

*.Danny*

